# “Izay manome voninahitra an’I Allah (soubhanallah) in-telo amby telopolo isaky ny aorian’ny swalat, ary midera an’I Allah (alhamdolillah) intelo amby telopolo, ary (Allaho Akbar)’ in-telo amby telopolo, izany dia sivy amby sivifolo, ary miteny amin'ny fahazatony hoe : "Lailaha Illallaho wahdaho La sharika laho, Lahol-molko walahol-hamdo wahowa ala-kolli Sha'in kadir, dia ho voafafa ny fahotany na dia toy ny rotran-dranomasina aza

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaira (R.A), niteny ilay Irak'Allah (S.W.A) manao hoe : “Izay manome voninahitra an’I Allah (soubhanallah) in-telo amby telopolo isaky ny aorian’ny swalat, ary midera an’I Allah (alhamdolillah) intelo amby telopolo, ary (Allaho Akbar)’ in-telo amby telopolo, izany dia sivy amby sivifolo, ary miteny amin'ny fahazatony hoe : "Lailaha Illallaho wahdaho La sharika laho, Lahol-molko walahol-hamdo wahowa ala-kolli Sha'in kadir, dia ho voafafa ny fahotany na dia toy ny rotran-dranomasina aza".
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa izay miteny aorian'ny vavaka dimy isan'andro hoe : In-telo amby telopolo : “Sobhanallah - Dera ho an’I Allah”, izany dia fanalavirana an'I Allah amin'ny tsy fahampiana rehetra. Telo amby telopolo : “Alhamdoulillahi - Fisaorana anie an'I Allah”, izany hoe midera Azy amin’ny toetrany tonga lafatra miaraka amin'ny fitiavana sy fanomezam-boninahitra Azy. Ary ny telo amby telopolo : “Allaho Akbar" -tena lehibe tokoa Allah- izany hoe lehibe sy be voninahitra noho ny zava-drehetra Allah. Ary famenoana ny isa zato amin'ny teny hoe : "Lailaha Illaho wahdaho La sharika laho, Lahol-molko walahol-hamdo wahowa ala-kolli Sha'in kadir", izay midika hoe : Tsy misy tompo marina hivavahana afa-tsy Allah irery ihany, tsy misy mpiombona Aminy, ary Izy no manana ny fanjakana feno, ary mendrika ny fiderana sy voninahitra miaraka amin’ny fitiavana sy fanamboniana izay tsy itambarany amin'ny hafa, ary Izy no Mahefa tsy misy izay tsy vitany. Izay miteny an'izany, dia ho voafafa sy ho voavela ny helony, na dia betsaka aza, toy ny rotra fotsifotsy izay miakatra eny ambonin’ny ranomasina rehefa manonja sy miakatra.

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY

لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC
E-Da'wah Committee